

Lalana mifehy ny mpamatsy

Ny Fruit of the Loom sy ny orinasa mpiara-miombon'antoka aminy ("FOTL"), dia miezaka hanatratra ny fenitra avo indrindra amin'ny fanatanterahana ny asany sy amin'ny fanajana ny zon'olom-belona sy ny tontolo iainana. Mitaky izany fenitra izany ihany koa izahay amin'ireo orinasa rehetra mamokatra ho anay. Isany, kanefa tsy voafetra anin'izany, ny mpandraharaha ivelany, ny orinasa nahazo fanohavana avy aminay, ary ireo mpiara-miasa hafa rehetra (ireo rehetra ireo dia antsoina hoe "mpamatsy" ao amin'ny lalana mifehy ny fitantanana). Io lalana mifehy ny mpamatsy io no ahafahanay mandrefy ny haavon'ny fanoloratenan'ny mpamatsy ho amin'ny fenitra izay foto-kevitra novolavolaina avy tamin'ny Fivoriambe mikasika ny fototra iorian'ny fikambanam-ben'ny mpiasa maneran-tany sy ny lalana mifehy ny fitantanana'ny Fikambanana manohana ny fitantanana ara-drariny.

MANOME LANJA NY Hafa

Fifandraisana eo amin'ny mpiasa sy ny mpampiasa: Ny mpamatsy dia manaiky ary manaraka ny lalana fototra mifehy ny asa izay manaja ny mpiasa ary miaro ny zony araka izay voalazan'ny lalana manan-kery eo amin'ny firenena sy iraisam-pirenena.

Fahasalamana sy fiarovana amin'ny loza: Miantoka toeram-piasana ara-pahasalamana sy hieren-doza ny mpamatsy, mba hiarovana amin'ny loza mety hitranga, ratra na aretina azo avy amin'ny fanatanterahana ny asa. Ny toerana rehetra ao amin'ny orin'asan'ny mpamatsy, sy ireo toerana fatorian'ny mpiasa izay hiendreketan'ny mpamatsy, dia mila azo antoka, madio ary mifanaraka amin'ny fepetra, na ambonin'ny fepetra, rehetra takian'ny lalana mikasika ny fahasalamana sy ny fiarovana amin'ny loza. Mila mahazo fanofanana mifanaraka amin'ny asa ataony ny mpiasa rehetra.

Fampiasana zaza tsy ampy taona: Tsy mampiasa zaza tsy ampy taona na tsy feno taona araka izay voalazan'ny lalana mifehy ny taonan'ny mpiasa ny mpamatsy. Tsy azon'ny mpamatsy atao velively ny mampiasa zaza latsaky ny 15 taona, afa tsy ho amin'ny fanaovana dokam-barotra, ary mila mifanaraka amin'ny lalana manan-kery mifehy ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

Fanandevozana: Tsy mampiasa olona tsy amin'ny sitra-pony ny mpamatsy. Anisany, kanefa tsy voafetra amin'izany, ny fampiasana gadra, olona manan-trosa na andevoizina, na ihany koa fampiasana olona mifatotra. Ny mpamatsy dia mila mandray ny fepetra rehetra ahazoana antoka fa tsy ampiasaina amin'ny famarotana olona ny toeram-piasana ary mila manara-maso ny rafi-pamokarana rehetra mba tsy hisian'izany.

Fanambaniana na fanivativana: Mila mitondra ny mpiasa rehetra amin'ny fanajana sy amin'ny maha olona ny mpamatsy. Mila manana rafitra mazava ny mpamatsy hialana amin'ny fanambaniana sy fanivativana ara-batana, ara-tsaina, amin'ny fiteny na ihany koa ny fametavetana.

Tsy fanavakavahana: Ny mpamatsy dia tsy manavakavaka eo amin'ny fandraisana mpiasa, amin'ny karama, fanomezana *avance*, fananarana, fandroahana na fandefasana hisotro ronono, vokatry ny maha lahy na vavy ilay mpiasa, ny fihaviany, ny finoany, ny taonany, fahasembanana, noho ny maha *homosexuel* ilay mpiasa, ny firenena nihaviany, fikambanana misy azy, firehan-kevitra politika, vondrona sosialy na ny foko.

Ora fiasana: Tsy mitaky ny mpiasa hiasa mihoatra noho ny ora fiasana feran'ny lalana manan-kery ny mpamatsy. Tsy mahazo mihoatra ny 48 ora ny ora fiasana ao anatin'ny herinandro na inona na inona antony, ary tsy maintsy mahazo, fara fahakeliny, 24 ora mitohy ho fialan-tsasatra isaky ny fito andro ny mpiasa. Ny ora fiasana ambonin'ny ora fiasana fototra rehetra dia fifanarahana eo amin'ny mpiasa sy ny mpampiasa. Miezaka tsy hitaky matetika ny mpiasa hanao asa ambonin'ny ora fiasana fototra ny mpamatsy ary tsy hanambitamby azy ireo amin'ny vola mba hanaovany izany ora izany. Ny fitambaran'ny ora fiasana fototra sy ny ora ambonin'ny fiasana dia tsy tokony hihoatra ny 60 ora afatsy amin'ny fotoana manokana

Karama: Ny mpiasa rehetra dia manana zo handray karama mifanaraka amin'ny asa ataony izay ampy amin'ny filana fototry ny mpiasa ary azony ampiasaina amin'izay hitiavany azy. Ny mpamatsy dia mandoa, fara fahakeliny, izay ambony amin'ny karama ambony indrindra takian'ny lalana na ny karama mifanaraka amin'ny toe-javatra misy, manaraka ny lalana rehetra mifehy ny karama ary manome ny tombontsoa rehetra voasoratra ao amin'ny lalana na fifanarahana. Raha tsy mifanaraka amin'ny filana fototry ny mpiasa ny karama na tsy ahafahany manao izay zavatra kasainy atao dia mila mandray fepetra ny mpamatsy hiheverana izay azo atao hampiakarana izany karama izany araka ny tokony ho izy.

Fahafahana miditra amin'ny fakambanana miaro ny mpiasa: Ny mpamatsy dia mila manaiky ary manaja ny zon'ny mpiasa hiditra ho mpikambana amin'ny fikambanana miaro ny zon'ny mpiasa.

MIHEVITRA IZAY AHASOA NY PLANETA

Mila mandray dingana hanafoanana ny mety ho voka-dratsy hateraky ny asa famokarany eo amin'ny tontolo iainana ny mpamatsy. Fara fahakeliny dia mila manaraka ny lalana manan-kery eo amin'ny firenena na iraisam-pirenena mikasika ny fiarovana ny tontolo iainana ny mpamatsy. Ao anatin'izany ny fanarahana lalana amin'ny fitahirizana sy fanariana zavatra mety hampidi-doza. Mila miezaka hanatanteraka ny asany ao anatin'ny fitandrovana ny fandania sy ny fako, ny fampiasana ireo loharanon-karena voajanahary ary miezaka manao *recyclage*.

VOKATRA TSY HOSOKA

Fanarahana ny lalana: Ho fanampin'ity lalana mifehy ny mpamatsy ity dia mila manaraka ny lalana sy fifanarahana hafa rehetra manan-kery mikasika ny asany ny mpamatsy.

Etikan'ny fandraharahana: Tsy azon'ny mpamatsy atao mihitsy ny manao tsolotra, fanerena sy halatra na mamoka vokatra hosoka na mampiasa akora hosoka. Anisany, kanefa tsy voafetra, amin'izany ny fandraisana na fanomezana tsolotra ahazoana tombon-tsoa manokana na ny fandavana tsy hanambara ny loharano nihavian'ny akora amin'ny fotoana hantatahana izany. Ny tsy fankatoavana ity fandrahana ity dia mety hiteraka fahatapahana tsy misy hatak'andro ny fifanarahana sy ny fiaraha-miasan'ny mpamatsy amin'ny FOTL ary mety hitarika ny FOTL hitory ny mpamatsy.

Mpandraharaha ivelany: Tsy azon'ny mpamatsy atao ny mampiasa mpandraharaha ivelany ho amin'ny famokarana ny vokatra ny FOTL, raha tsy nahazoana alalana voasoratra avy aminy ary aorian'ny fanekena an-tsoratra ataon'ilay mpandraharaha ivelany ny hanaiky izay rehetra voarakitra ato amin'ity lalana mifehy ny fitantanana ity.

Fanarahana ny lalana mifehy ny fadintseranana: Mila manaraka ny lalana rehetra mifehy ny fadintseranana ny mpamatsy ary mamolavola sy manaraka programa hiarovana ny fanondranana vokatra ivelany izay tsy mifanaraka amin'ny lalana.

Fiarovana: Mila manana drafitra mazava hiarovana amin'ny fidiran'ny entana tsy ara-dalana ny mpamatsy (toy ny zavamahadomelina, na fitaovam-piadiana) rehefa mandefa entana ho an'ny FOTL. Anisany, kanefa tsy voafetran'izany, ny fanarahana ny fiaraha-miasa eo amin'ny fadintseranana sy ny fifanakalozana hanoherana ny asa fampihorohorona na C-TPAT (Customs-Trade Partnership Against Terrorism) izay takiana amin'ny fanondranana entana mankany Etazonia.

FANATANTERAHANA SY FAMPIHARANA

Fepetra momba ny fampahafatarana: Mila apetraka amin'ny toerana hitan'ny mpiasa rehetra sy ny olona mpitsidika ary atao amin'ny tenim-pirenena azon'ny mpiasa rehetra sy azon'ny mpiasa vahiny ity lalana mifehy ny fitantanana ity. Mila mampahafantatra sy manofana ny mpiasa mikasika izay voasoratra ato amin'ity lalana mifehy ny fitantanana ity ny mpamatsy.

Fandraisana an-tsoratra: Mila raiketiny ny mpamatsy an-tsoratra amin'ny antsipiriany ny zavatra rehetra izay atao mifandraika amin'ity lalana mifehy ny fitantanana ity mba hanamorana ny fanaraha-maso ny fanajana izany.

Tondrozotra ho an'ny mpamatsy ; Torolalana mikasika ny fanarahana ny lalana sosialy ho an'ny orinasa nomena fahazoan-dalana : Amin'ny fotoana maha mety azy dia mila manaraka ny fepetra voasoratra ao amin'ny Tondrozotra ho an'ny mpamatsy sy/na ny Torolalana mikasika ny fanarahana ny lalana sosialy ho an'ny orinasa nomena fahazoan-dalana izay hita ao amin'ny tranokalan'ny FOTL ao amin'ny www.fotlinc.com ny mpamatsy.

Fanombanana sy drafitr'asa fanitsisana ny diso: Mampiasa mpanara-maso anatin'ny ivelany ny FOTL mba hanao fanombanana eny an-toerana sy/na virtuoaly mba ahazoana antoka ny fanajana izay voasoratra ato amin'ity lalana mifehy ny fitantanana ity. Mila manaiky hiara-miasa tanteraka amin'ny fanatontosana izany fanombanana izany ny mpamatsy ary mitazona rakitra an-tsoratra ahafahana manohy ny fanaraha-maso. Hiara-miasa amin'ny FOTL ny mpamatsy amin'ny famolavolana drafitr'asa hanitsiana izay tsy fanarahan-dalana rehetra hita ao anatin'ny fotoana voafetra.

Fanaovana tatitra amin'ny tsy fanarahan-dalana: Raha mila manao tatitra mikasika ny tsy fanarahana ity lalana mifehy ny fitantanana ity ianao dia antsoy ny sampan'asa miandraikitra ny asa sosialin'ny FOTL amin'ny laharana +1-270-935-2588, na manorata mailaka amin'ny code@fotlinc.com na amin'ny fampiasana ny kaody eo ankavanana amin'ny alalana fampiasana finday. Omeo anay ny ambangovanony momba ny olona na vondron'olona tsy nanara-dalana, ny dinagana noraisana amahana ilay olona ary ny momba anao ahafahanay mifandray aminao, ao anatin'ny tsiambaratelo, mikasika ilay olona tenterinao. Raranay tanteraka ny fanaovana valy faty ny olona manao tatitra mikasika ny tsy fanarahana ity lalana mifehy ny fitantanana ity, na ny olona mandray anjara amin'ny fanaovana fanadihadiana mikasika ilay tsy fanarahan-dalana. Ny valy faty amin'ny endriny rehetra dia mila taterina any amin'ny FOTL araka izay voalaza etsy ambony.



Fanovana : Febroary 2022

